



Fitsidihana ireo toerana manan-tantara roa lehibe isan'ny vakoka iraisam-pirenenan'ny UNESCO tao Maorisy

Tafiditra tao anatin'ny fandaharam-potoan'ny delegasionina tarihan'ny Filoha Andry Rajoelina any amin'ny Nosy Maorisy ihany koa ny fitsidihana an'ireo toerana manan-tantara roa lehibe izay voasokajy ho isan'ny vakoka iraisam-pirenenan'ny UNESCO.

Notsidihana voalohany tamin'izany ny tao Aapravasti Ghat, izay isan'ireo toerana mirakitra ny tantara momban'ny fifindra-monina lehibe taty amin'ny ranomasim-be indianina, taorian'ny fanafoanana ny fanandevozana tany amin'ireo firenena zanatany toa an'ny Nosy Maorisy sy La Réunion. Teo anelanelan'ny taona 1834 sy 1920, dia mpiasa indianina miisa 400.000 no nifindra monina avy any Inde mba hiasa tany amin'ireo toeram-pambolena fary tao Maorisy. Napetraka tao Aapravasti Ghat izy ireo. Ny zavatra natsangana rehetra tao Aapravasti Ghat kosa, dia isan'ireo endrika fanehoana mazava voalohany, ny fahatongavan'ny rafitra ara-toekarena iraisam-pirenena tamin'izany andro izany, ary koa anisan'ireo andiam-pifindra-monina lehibe indrindra teo amin'ny tantara. Tamin'ny 12 jolay 2006 no nanoratana sy nampidirana voalohany an'i Aapravasti Ghat ho isan'ireo vakoka iraisam-pirenena an'ny UNESCO.

Ny toerana manan-tantara faharoa, izay notsidihan'ny Filoham-pirenena mivady sy ny delegasionina malagasy niaraka taminy kosa, dia ny toerana misy ny vakoka arakolotsaina ao Morne. Izy ity kosa indray dia efa tafiditra tao anatin'ireo vakoka iraisam-pirenena tantanin'ny UNESCO tamin'ny 6 jolay 2008. Tendrombohitra lehibe somary mitodika any amin'ny Ranomasim-be indianina izy ity, ao Atsimo-Andrefan'ny Nosy Maorisy, ary fihafenan'ny andevo izay tafatsaoka, ireo antsoina hoe "marron" manana volon-koditra toy ny lokon-tany, tamin'ny taon-jato faha-XVIII sy tamin'ny fihandohan'ny taon-jato faha-XIX. Rehefa nahatsapa fa voaaron'ireo antsana sy havoana maro rakotra ala ireo andevo nitsaoka, dia nanorim-ponenana maromaro tanaty haram-bato sy lava-bato, fa indrindra teny an-tampon'i Morne. Raha ny lovantsofina mikasika ireo olona nanana lokon-koditra volontany na "marron", dia ity tendrombohitr'i Morne ity no natao ho toeram-pahatsiarovana an'ny fijalian'ireo andevo, sy ny tolona ho amin'ny fahafahana, ary ny sorona sy fanoloran-tena nataon'izy ireo. Izany rehetra izany, dia mbola tsy voafafa teo amin'ny tantaran'ireo firenena nihavian'ireo andevo tamin'izany: anisan'izany ny Firenena afrikanina, i Madagasikara, i Inde, ary ny tapany Atsimo-Atsinanan'i Azia. Nisy ny malagasy

voasokajy ho isan'ireo "marron" na manana volon-koditra toy ny volontany, ary maty tany amin'ireo tendrombohitra tao Morne. Misy tsangambato fahatsiarovana manokana an'ireo malagasy maty tamin'izany ao an-toerana, izay napetraky ny Praiminisitra malagasy teo aloha Jean Rabemananjara.

Mbola mitohy ny fandaharam-potoanan'ny Filoha Andry Rajoelina ao Maorisy, ka anio tolakandro izy dia handray ny Lehiben'ny Mpitsara maorisianina Kheshoe Parsad Matadeen, ny Filohan'ny Antenimieram-pirenena maorisianina, Madame Santi Bai Hanoomanjee, ary ny Lehiben'ny Mpanohitra, Charles Gaëtan Xavier-Luc Duval. Amin'ny 6 ora hariva any an-toerana kosa no hanomboka ny fankalazana ny fetim-pirenena maorisianina izay atao ao Champ de Mars ao Port Louis.

Fiadidiana ny seraseran'ny repoblika
12-03-2019